MINISTÈRE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE

SECRÉTARIAT GÉNÉRAL

DIRECTION GÉNÉRALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

Service du Baccalauréat

BACCALAURÉAT DE L'ENSEIGNEMENT GÉNÉRAL

SESSION 2023

A

| | | | |
|---|---|---|---|
| Série | : Littéraire | Épreuve de | : MALAGASY |
| Options | : A1 - A2 | Durée | : 03 heures 30 minutes |
| Code matière | : 005 | Coefficient | : 4 |

**NB : - Tsy maintsy atao ny laza adina I**
**- Isafidianana ny laza adina II**

**I.** **<u>LAZA ADINA I</u> :** Tsy maintsy atao **(isa 06)**

1) a - Omeo ny anaran'ny mpanoratra ireto boky ireto : <u>Mitaraina ny tany</u>, <u>Ny Fanagasiana</u>, <u>Sikajin'i Dadabe</u>. **(isa 1,5)**
b - Inona no nampiasain'ny mpanoratra amin'ity hain-teny ity mba hahakanto azy, ary omeo ny hevitry ny teny hoe : « zavona » sy « renirano ». **(isa 1,5)**
2) Inona ny fahendrena azo tarafina amin'ity fomba fiteny ity : « Ny hendry mody voky ». **(isa 03)**

**II.** **<u>LAZA ADINA II</u> :** Isafidianana ny A sy B. **(isa 14)**

**<u>A/ FAMAKAFAKAN-KEVITRA</u>**

Hoy i Claude RANDRIANANTENAINA : « Ireo poeta ireo dia olona variana (…) mijery tsy mahita, mihaino tsy mandre (…) miaina fa manonofy, manidina any ho any ».

**Fakafakao sy tsikerao.**

**<u>B/ FANADIHADIANA LAHATSORATRA</u>**

Ny finoan'ny Malagasy io lahatra io mivantana aloha dia hoe didy tsy azo toherina. Izany ilay fiononany amim-piondrehana sy amim-pahanginana hoe : « Aza manantena hery, fa ny lahatra tsy azo rombahina », « hany hery ekeo ny lahatra fa hadalana ny maika hanana ». Raha izany ve moa tsy fanekena tsy sazoka sy an- tery vozona fotsiny ilay fiononan'ny Malagasy amin'ny lahatra ? ». Toa misy izany marina. Ninoany anefa fa zava- tsy takany ny fitondran'ny ao ambony ka sanatria azy ny hanome tsiny na hitaraina : (…) « Ny fahafatesana tsy mba heloka akory, ny fahavelomana tsy fahamarinana, fa Andriamanitra no tompon'ny lahatra ».

Ninoany aza fa na inona na inona lahatra, amin'ny soa ihany no itondran'Andriamanitra ny olombelona : « Rafotsibe mita rano, ka izay mahasoa ataon'Andriamanitra ».

**R.P RAHAJARIZAFY,**
**<u>Filôzôfia Malagasy</u>, tak. 97 . 98**

**Hadihadio ny lahatsoratra**